Eny tokoa, fa i Tompo Allah dia nanoratra ny Asa tsara sy ny Asa ratsy, ary avy eo dia nazavainy avokoa izany. , ka na iza na iza mikasa ny hanao Asa soa nefa raha tsy nahavita nanao izany Izy, dia lasa efa nosoratan’i Tompo Allah ho Asa soa tanteraka izany, fa raha nikasa hanao izany Izy, dia nosoratan’i Tompo Allah ho Asa soa folo izany, ka hatramin’ny Fito in-jato, na im-betsaka, ary na iza na iza mikasa ny hanao ratsy nefa tsy nanao izany, dia hosoratan’i Tompo Allah ho Asa tsara tanteraka izany ary nosoratany ho Asa ratsy iray ho Azy izany .”

Tatitra azo avy tamin'i ibn A'bbàs (R.A) niteny hoe : Arakan’ny nilazain’ny Mpaminany (S.A.W), momba ny zavatra notantarainy tamin'ny fahefan'ny Tompony, ilay avo Tsitoha, dia Nilaza izy ka nanao hoe : "Eny tokoa, fa i Tompo Allah dia nanoratra ny Asa tsara sy ny Asa ratsy, ary avy eo dia nazavainy avokoa izany. , ka na iza na iza mikasa ny hanao Asa soa nefa raha tsy nahavita nanao izany Izy, dia lasa efa nosoratan’i Tompo Allah ho Asa soa tanteraka izany, fa raha nikasa hanao izany Izy, dia nosoratan’i Tompo Allah ho Asa soa folo izany, ka hatramin’ny Fito in-jato, na im-betsaka, ary na iza na iza mikasa ny hanao ratsy nefa tsy nanao izany, dia hosoratan’i Tompo Allah ho Asa tsara tanteraka izany ary nosoratany ho Asa ratsy iray ho Azy izany .”

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Manazava i Mpaminany (S.A.W) fa Allah dia namaritra ny hatsarana sy haratsiana avy eo nanazava tamin'ireo anjely roa ny fomba hanoratana azy ireo : Koa izay mikasa sy manapa-kevitra ny hanao asa soa, dia hosoratana mahazo valisoa iray, na dia tsy manao izany aza izy, fa raha nanao izany dia hampitomboina folo avo heny izany, na ho fiton-jato na ho maro mihoatra izany, ary ny fitomboana dia araka ny finiavana madio ao am-po mihoatra ny tombontsoa, sy ny sisa. Ary izay maniry sy mikasa ary manapa-kevitra ny hanao asa ratsy, avy eo mamela izany noho ny Tompo Allah, dia hosoratana asa soa iray, ary raha namela izany amin'ny tsy antony dia tsy hisy voarakitra an-tsoratra ho azy, ary raha miala amin’ny tsy fahafahany manao izany Izy, dia hosoratana araky ny fikasany, ary raha manao izany izy, dia asa ratsy iray no hosoratana ho azy.